# TATITRY NY FILAN-KEVITRY

# NY MINISITRA

**Alakamisy 13 aogositra 2026 – Filan-kevitry ny Minisitra ampitain-davitra**

## I. FAMPITANA AM-BAVA

### MINISITERAN'NY FOLOALINDAHY

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny Kômity Tekinika Manokana mpikarakara ny hetsi-pahatsiarovana ny faha-80 taonan'ny Tolom-panafahana 1947-1948.

### MINISITERAN'NY FITSARANA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana "teti-bola fanampiny" ho an'ny Tendrom-pitsarana iadiana amin'ny kolikoly, mitentina 220 000 000 ariary.

### MINISITERAN'NY VAROTRA SY NY FANJIFANA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fankatoavana ny famindrana fanampiana ara-bola mitentina 9 463 200 000 ariary ho an'ny "State Procurement of Madagascar" (SPM).

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fampiharana ireo fanapahan-kevitra noraisin'ny AVM nandritra ny fivorian'ny Filan-kevi-pitantanana voalohany.

### MINISITERAN'NY ANGOVO SY NY AKORANAFO

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fankatoavana ny fanohizana ny fifanarahana natao tamin'ny alalan'ny fomba manokana momba ny famatsiana sy fanaterana fitaovana ho an'ny herinaratra avy amin'ny masoandro ho an'ny fanamafisana ny rafitra famokarana herinaratra manana tanjaka 15 MWc, miaraka amin'ny vatoaratra fitahirizana angovo manana fahafahana 30 MWh, haparitaka amin'ireo tobim-pamokarana herinaratra tsy mifandray amin'ny tambajotra iraisana miisa roa amby telopolo (32) tantanin'ny JIRAMA.

**MINISITERAN'NY FIZAHANTANY SY NY ASATANANA + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fiantsoana ho Fanehoana Fahalinana *(Appel à Manifestation d'Intérêt)* ho amin'ny fifantenana mpandraharaha manana laza iraisampirenena hitantana sy hampandeha ny Hôtely *SHERATON* ao Ivato.

**MINISITERAN'NY TANORA SY NY FANATANJAHANTENA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fahazoan-dalana sy fandraisan'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola an-tanana ny fandaniana amin'ny fandraisan'i Madagasikara anjara amin'ny Tompondaka Erantany Tsipy Kanetibe (Olondroa sy Olona telo mitambatra, Tir de précision lehilahy sy vehivavy) izay natao tany Espagne ny 30 jolay ka hatramin'ny 2 aogositra 2026.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fandraisan'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola an-tanana ara-bola ny fikarakarana ny "Championnat des Nations CAVB, zone 7 U18 garçon et fille" ny 4 ka hatramin'ny 15 aogositra 2026 ao Antananarivo Madagasikara.

## II. FANDRAISANA DIDY AMAN-DALANA

**MINISITERAN'NY VAROTRA SY NY FANJIFANA**

- Nolanina ny volavolan-dalàna momba ny ady amin'ny fihazonana entana, fandrindrana ny vidin'ny tolotra sy ny entana ilaina andavanandro na stratejika.

  *(Avant-projet de loi sur la lutte contre les spéculations, et sur la régulation des prix des services et produits de première nécessité ou stratégiques)*

- Nolanina ny didim-panjakana mamaritra ireo fepetra fampiharana ny lalàna laharana faha 2018-020 tamin'ny 23 aogositra 2018 anavaozana ny fehezan-dalàna mifehy ny fifaninana.
  *(Projet de décret fixant les conditions d'application de la loi n°2018-020 du 23 août 2018 portant refonte de la loi sur la concurrence)*

**MINISITERAN'NY VAROTRA SY NY FANJIFANA + MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY**

- Nolanina ny volavolan-dalàna manome lalana ny fankatoavana ny fifanarahana momba ny varo-draharaha eo amin'ny vondrom-paritra ho an'ny fampandrosoana ny atsimon'i Afrika *(SADC)*.

**MINISITERAN'NY TOE-KARENA SY NY FITANTANAM-BOLA + MINISITERAN'NY ANGOVO SY NY AKORANAFO**

- Nolaniana ny volavolan-dalàna manome alalana ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola hamoaka antoka amin'ny anaran'ny Fanjakana Malagasy, ho amin'ny fanafarana solika ataon'ny "State Procurement of Madagascar" (SPM), ao anatin'ny famatsiana solika ny JIRAMA

## III. FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

**MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY**

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAZAFIMAHANDRY Alfred Elie** ho Tale misahana ny Rafitry ny Torohay eo anivon'ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny.

**MINISITERAN'NY FITSARANA**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-441 tamin'ny 27 janoary 2026 ary anendrena an-d**Ramatoa ANDRIAMANANJARA Harryunique Luciana** ho Talem-paritry ny Fandraharahana ny Fonja ao Itasy eo anivon'ny Minisiteran'ny Fitsarana.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-1558 tamin'ny 17 jona 2026 ary manendry an'**Andriamatoa RABEMARIJA José Edouard** ho Talem-paritry ny Fandraharahana ny Fonja ao Sava eo anivon'ny Minisiteran'ny Fitsarana.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-441 tamin'ny 27 janoary 2026 ary manendry an'**Andriamatoa HARINIAINA Jean Luc** ho Talem-paritry ny Fandraharahana ny Fonja ao Atsinanana eo anivon'ny Minisiteran'ny Fitsarana.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-441 tamin'ny 27 janoary 2026 ary manendry an'**Andriamatoa ANDRIAMAMONJIARIJAONA Laza Nestor Samuelson** ho Talem-paritry ny Fandraharahana ny Fonja ao Menabe eo anivon'ny Minisiteran'ny Fitsarana.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-441 tamin'ny 27 janoary 2026 ary manendry an'**Andriamatoa RAZAFIMAMONJY Dave Adolphe** ho Talem-paritry ny Fandraharahana ny Fonja ao Anosy eo anivon'ny Minisiteran'ny Fitsarana.

## MINISITERAN'NY FAMPIANARANA AMBARATONGA AMBONY SY NY FIKAROHANA ARA-TSIANSA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-756 tamin'ny 17 martsa 2024 ary manendry an-d**Ramatoa RANAIVOSON Sahondra Lalao Olga** ho Talen'ny Fitantanana ny maha olona ao amin'ny Minisiteran'ny Fampianarana Ambaratonga Ambony sy ny Fikarohana Ara-Tsiansa.

## MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FAHALEOVANTENA ARA-TSAKAFO

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAZAFINDRAMOSA Hugues Heritiana** ho Tale Jeneraly misahana ny Tetikasa sy ny Fiaraha-miombona antoka (DGPP) eo anivon'ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fahaleovantena Ara-tsakafo (MiASA).

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-067 tamin'ny 08 janoary 2026 ary manendry an'**Andriamatoa ZAFINDRANDALANA Gildas Marie** ho Talem-paritry ny Fambolena sy ny Fahaleovantena Ara-tsakafo (DRASA) ao Atsinanana.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-943 tamin'ny 17 septambra 2025 ary manendry an'**Andriamatoa SOLONDAZA Ludget** ho Talem-paritry ny Fambolena sy ny Fahaleovantena Ara-tsakafo (DRASA) ao Analanjirofo.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa ZAFINDRAMIADANA Deny Christian** ho Talem-paritry ny Fambolena sy ny Fahaleovantena Ara-tsakafo (DRASA) ao Vatovavy.

## MINISITERAN'NY ASA, NY FAMPANANANA ASA SY NY ASAM-PANJAKANA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2023-362 tamin'ny 5 aprily 2023 ary manendry an-d**Ramatoa BEHAJAINA Cathy** ho Talen'ny Fanofanana sy Fandranitam-pahaizana ao amin'ny Ivon-toeram-pirenena Fanofanana momba ny Fitondran-draharaham-panjakana.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-1584 tamin'ny 14 aogositra 2019 ary manendry an'**Andriamatoa RAKOTONANDRAINA Andry Nirina Haja** ho Talem-paritry ny Asa, ny Fampananana Asa ary ny Asam-panjakana ao amin'ny Faritra Vakinankaratra.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-1185 tamin'ny 6 jona 2019 ary manendry an'**Andriamatoa BARSON Jean Lucot** ho Talem-paritry ny Asa, ny Fampananana Asa ary ny Asam-panjakana ao amin'ny Faritra Analanjirofo.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAZAFINJATOVO Philemon Alice** ho Talem-paritry ny Asa, ny Fampananana Asa ary ny Asam-panjakana ao amin'ny Faritra Ambatosoa.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2023-463 tamin'ny 26 aprily 2023 ary manendry an'**Andriamatoa HANOY Fabrice** ho Talem-paritry ny Asa, ny Fampananana Asa ary ny Asam-panjakana ao amin'ny Faritra Melaky.

**MINISITERAN'NY ASA, NY FAMPANANANA ASA ARY NY ASAM-PANJAKANA + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa SOATINA Bety Léonne** ho Tale Jeneralin'ny Tahirim-Pirenena momba ny Fiahiana Ara-tsôsialy.

**MINISITERAN'NY TONTOLO IAINANA SY NY FANDROSOANA LOVAINJAFY**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-1011 tamin'ny 06 jolay 2022 ary manendry an-d**Ramatoa MARCELLE Nenée Tatiana** ho Tale misahana ny raharaha araka ny Lalàna sy ny Ady sy fifanolanana eo anivon'ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-1114 tamin'ny 09 septembre 2020 ary manendry an-d**Ramatoa RAZAFIMAHALEO Soloniaina Fiononantsoa** ho Talen'ny fomba Famatsiam-bola Maharitra (DMFD) eo anivon'ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-905 tamin'ny 03 septambra 2025 ary manendry an'**Andriamatoa KAMAMY Jolly Duveau Vahiny Magloire** ho Talen'ny Foibem-pirenena Fanofanana, Fandinihana ary Fikarohana momba ny Tontolo Iainana sy ny Ala (CNFEREF) eo anivon'ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2017-816 tamin'ny 13 septambra 2017 ary manendry an'**Andriamatoa RABESANDRATANA Andriatahiry Tsirinirina** ho Talen'ny *« Silo National des Graines Forestières » (SNGF)* eo anivon'ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa ANDRIANIRINA Harinaivo Fanomezantsoa** ho Mpandrindra Ankapobeny ny Foibem-pandrindrana misahana ny asa stratejika ho an'ny Diplaomasia Maitso sy ireo Rantsa-mangaika (CG-OCDVOR) eo anivon'ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-1357 tamin'ny 19 novambra 2025 ary anendrena manendry an-d**Ramatoa RAKOTOARIMANANA Josette Evelyne Marcelle** ho Talem-paritry ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy ao Vakinankaratra eo anivon'ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-2090 tamin'ny 22 desambra 2025 ary manendry an'**Andriamatoa MARA-TSIRAHONANARIVO Aubin Christian** ho Talem-paritry ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy ao Bongolava eo anivon'ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-1353 tamin'ny 19 novambra 2025 ary manendry an'**Andriamatoa BE Rosade** ho Talem-paritry ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy ao Atsinanana eo anivon'ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa DOKOLAHY RABENIRINA François Xavier** ho Talem-paritry ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy ao Ambatosoa eo anivon'ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy.

## IV. FANAFOANANA FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

**MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA**

- Noraisina ny didim-panjakana enti-manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-306 tamin'ny 21 febroary 2024 nanendrena ny Lehiben'ny Vondrona ho Fanaraha-maso sy Fitsirihana ao amin'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena.

- Noraisina ny didim-panjakana enti-manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2023-1111 tamin'ny 8 septambra 2023 nanendrena ny Tale misahana ny Fandrindrana ny Fanabeazana ao amin'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena.

***Antananarivo, 13 aogositra 2026,***

***Rahajason Harry Laurent***
***Talen'ny Serasera***
***eto anivon'ny Fiadidiana ny Fanavaozana ny Repoblika***